**Fijoroana vavolombelon'i masera Josette (Frantsa)**
**fidirana tao amin'ny Fikambanan'ny Croix du Puy**



**« Sœurs du Christ, efa manana traikefa kely saingy eo alohantsika ny ho avy manontolo. Noho izany andeha isika hanao ny traikefan'Andriamanitra 'mahary, manafaka sy mampihavana' araka ny voalazan'ny Lalàm-panorenantsika, traikefa afaka iainantsika isan'andro: Andriamanitra mahary mandrakariva, mampihavana Izy fa miaraka amintsika. Mazàna mila fotoana, mila fivavahana sy faharetana isika, fa Izy manafaka antsika mba hiaina miaraka ny fanomezam-pahasoavantsika, mba hiaina ny fampivondronana, ny fiombonana, na eo anivon'ny kôminôten-tsika, na eo amin'ny fianakaviantsika, amin'ireo namana, any amin'ny toeram-piasana. Noho izany 'Sœurs du Christ', eny, satria miantso antsika isan'andro i Kristy.**

**Ao anatin'ny hafalian'ny Noely nankalazaintsika omaly, androany fetin'i Md Etiena maty martiry.Tokony ho fantatra ihany koa fa amin'ny finoantsika, ny làlan-kizorantsika misy fotoan-tsarotra sy mafy. Rahampitso, i Md Joany no milaza amintsika: 'Ny teny tonga ho nofo ary niara-nonina tamintsika'.  Raisontsika Izy ary aoka isika ho tena Sœurs du Christ feno, ao anatin'ny hafaliana sy ny fahavitrihana.»**

********